## FAMETRAHANA FITARAINANA

**Iza no afaka mametraka fitarainana? :**

Orinasa na seha-pamokarana mpamokatra vokatra mitovy na afaka mifaninana mivantana amin'ny vokatra hafarana voatondro izay mitobaka eny an-tsena na nahitana taratra fifaninànana tsy ara-dalàna ka mahatsiaro sahirana na manahy ny amin'izany.

Ny orinasa vao mijoro na kasaina hajoro dia efa afaka mametraka fitarainana.

**Aiza no alefa ny fitarainana? :**

Alefa amin'ny tale Jeneralin'ny ANMCC ny fitarainana misy porofo mazava tsara ahafahana manokatra fanadihadiana manaraka ny fitsipika takiana amin'ny fametrahana fepetra fanitsiana ara-barotra apetraky ny fifanarahana iraisam-pirenena momba izany (OMC, SADC, COMESA, APE, ...).

**Sarany**: Tsy misy sarany ny fametrahana fitarainana




+261 34 05 441 64

anmcc.madagascar@gmail.com

www.anmcc.mg

IFARIHY byPass


## FEPETRA FANITSIANA ARA-BAROTRA :

**FEPETRA MIADY AMIN'NY FANONDRÀNANA VOKATRA AMIN'NY VIDINY AMBANY TSY ARAKY NY TOKONY HO IZY**
*(ANTIDUMPING)*

**FEPETRA FANONERANA**
*(MESURE COMPENSATOIRE)*

**FEPETRA FIAROVANA**
*(MESURE DE SAUVEGARDE)*






# ANMCC



Ny ANMCC dia rafi-panjakana eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Varotra sy ny Fanjifana miandraikitra fanadihadiana ahafahana mametraka fepetra fiarovana ireo orinasa mpamokatra na seha-pamokatra eto Madagasikara noho ny fitobahan'ny vokatra hafarana avy any ivelany na ny fandikan-dalàna amin'ny fifaninanana amin'izany ka miteraka fahavoazana ho azy ireo.



**FAMPIHARANA NY FEPETRA FANITSIANA ARA-BAROTRA :**

Fanaraha-maso ny fanafarana ny vokatra hanaovana fanadihadiana na misy fepetra fanitsiana ara-barotra mihatra;

Fanaraha-maso ny fampiharana ny fepetra

Fitiliana izay mety ho tranga fanodikodinana ny fepetra.

## FEPETRA MIADY AMIN'NY FANONDRANANA AMIN'NY VIDINY AMBANY LOATRA

***(mesure ANTIDUMPING)***

Fepetra fiarovana ny seha-pamokarana eto an-toerana manoloana ny fanondranana vokatra iray makaty Madagasikara amin'ny vidiny ambany tsy araka ny tokony ho izy na "Dumping" ka miteraka na mety hiteraka fahavoazana ho an'ireo orinasa na seha-pamokarana mpamokatra izany eto an-toerana.

Miendrika tatao-ketra ny fepetra amin'ny fanafarana entana na antsoina hoe "Droit antidumping". Dimy taona ny faharetan'ny fampiharana ny fepetra raisina ary azo havaozina izany raha ilaina.

## FANONDRANANA AMIN'NY VIDINY AMBANY (Dumping)

Atao hoe tsy araky ny tokony ho izy ny vidiny hanondrànana ny vokatra iray raha toa ka ambany noho ny vidiny hivarotana azy mankao amin'ny tsena anatin'ny firenena mpanondrana izany.

## FITSIPIKA ARAHINA HAMETRAHANA AZY

- Fisian'ny fanondranana amin'ny vidiny ambany loatra tsy araka ny tokony ho izy ataon'ny orinasa avy any ivelany;
- Porofo manamarina ny fisian'ny fahavoazana mihatra na manambana ny seha-pamokarana eto an-toerana izay mamokatra vokatra mitovy amin'ilay entana voatondro;
- Fifandraisan'ny fanondranana amin'ny vidiny ambany loatra sy ny fahavoazana.

## FEPETRA FANONERANA

***(mesure COMPENSATOIRE)***

Fepetra apetraka eo amin'ny fanafarana entana ho fiarovana ny seha-pamokarana eto an-toerana manoloana ny tombon-dàlana amin'ny fifaninànana azon'ireo orinasa mpamokatra na mpanondrana vokatra avy any ivelany noho ny fanampiana manokana (subvention spécifique) azon'izy ireo avy amin'ny fitondram-panjakana any aminy.

Miendrika tatao-ketra ny fepetra amin'ny fanafarana entana na antsoina hoe «Droit compensateur». Dimy taona ny faharetan'ny fampiharana ny fepetra raisina ary azo havaozina izany raha ilaina.

## FANAMPIANA MANOKANA (Subvention spécifique)

Fanampiana ara-bola mivantana na an-kolaka avy amin'ny fanjakana na avy amin'ny sampandraharaham-panjakana ao amin'ilay firenena mpanondrana, izay manome tombony ho an'ireo orinasa vitsivitsy na ao amin'ny faitra iray misitraka izany.

## FITSIPIKA ARAHINA HAMETRAHANA AZY

-Fanaporofoana ny fisian'ny fanampiana manokana;
-Fanamarinana ny fisian'ny fahavoazana mihatra na manambana ny seha-pamokarana eto an-toerana izay mamokatra vokatra mitovy amin'ilay vokatra voatondro;
-Fifandraisan'ny famatsiana sy ny fahavoazana mianjady na manambana ny seha-pamokarana.

## FEPETRA FIAROVANA

***(mesure de Sauvegarde)***

Fepetra apetraka mandritry ny fotoana voafetra amin'ny fanafarana vokatra iray avy any ivelany raha toa ka voaporofo fa betsaka loatra ny fanafarana izany eto an-toerana ka miteraka na mety hiteraka fahavoazana ho an'ireo orinasa na seha-pamokarana mpamokatra izany eto an-toerana.

Ny tanjona dia ny hahafah'ireo orinasa na seha-pamokarana ireo manarina ny fahavoazany sy manatsara ny fahafahany mifaninana.

Manana endrika samihafa ny fepetra fiarovana:
-Haba fanampiny amin'ny fanafarana entana;
-Famerana ny habetsahan'ny entana azo hafarana; sns.

Maharitra hatramin'ny 4 taona ny fepetra iray ary azo havaozina izany saingy 10 taona raha lava indrindra.

## FITSIPIKA ARAHINA HAMETRAHANA AZY

-Fitobahan'ny vokatra nafarana avy any ivelany;
-Fanaporofoana ny fisian'ny fahavoazana mihatra na manambana ny orinasa mpamokatra na seha-pamokarana eto an-toerana izay mamokatra vokatra mitovy na afaka mifaninana mivantana amin'ilay voakatra voatondro;
-Fifandraisan'ny famatsiana sy ny fahavoazana mianjady na manambana ny seha-pamokarana.
-Fifandraisan'ny fitobahan'ny vokatra nafarana amin'ny fahavoazana seha-pamokarana.

